# Fianarana Soratra Masina Fototra
*ho an'ny Kristiana vao nanolo-tena*

## Karatra ho an'ny andinin-tSoratra Masina ho tadidiana

Anarana: ______________________________

Daty nanoloran-tena: ______________________________

Mpanolo-tsaina: ______________________________

Fonenan'ny mpanolo-tsaina: ____________________ Tel: __________

MALAGASY

## TORO-LALANA

1. Ity valopy ity dia ahitana lesona 8 izay natao ho fenoina.

2. Isaky ny lesona dia misy andinin-tSoratra Masina hotadidiana. Hetezo ary eto manaraka anao foana, na hapetraho eo amin'ny fitaratra mba hitadidiana azy hatrany.

3. Rehefa mahavita lesona iray ianao dia ataovy ao anatin'ity valopy ity.


Nataon'i
**Charles Shaver**



**TRANO FAMOAHAM-BOKIN'NY NAZAREANA**
P.O Box 527, Kansas City, Missouri, 64141 U.S.A.


**BASIC BIBLE STUDIES
in MALAGASY**


Regional Literture Office
P.O.Box 44, Florida
1710 Repulic of South Africa

MAL/40/004

①



**INONA NO MAHAZO AHY?**

*Soratra Masina ho tadidiana*: Apokalypsy 3:20

Anarana: ________________________________________

Tadiavo ao amin'ny Testamenta Vaovao na Baibolinao ny valin'ireto fanontaniana ireto. Rehefa hitanao izany, ohatra: Jaona 1: 12, ny dikany dia hoe Filazantsaran'i Jaona, toko 1, andininy 12. (Ny fanoroana hita amin'ny voalohan'ny Testamenta Vaovao na ny Baibolinao dia mampiseho ny pejy iandohan'ny boky.) Vakio ny valim-panontaniana ao amin'ny Baiboly, avy eo dia soraty araka ny fomba itiavanao azy. Raha toa ianao ka tsy manana afa-tsy ny Testamenta Vaovao fotsiny, ny Tenin'Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha dia soratana ho anao amin'ity fianarana Baiboly ity.

1. Rehefa nandray an'i Jesoa Kristy aho dia tonga ______________ Andriamanitra (Jaona 1: 12).

2. Ny fidiran'i Kristy ao amin'ny fiainana na ao am-pon'ny olona tsirairay dia fifandraisana manokana eo amin'ny Tompo sy izay mandray Azy araka ny hita ao amin'ny Apokalypsy na Fanambarana 3:20.

    a. Iza no mandondona eo am-baravarana? (Jereo ao amin'ny Apokalypsy 1:1 ho fanampim-panazavana)________________________________

    b. Iza no afaka mamaly ny feony sy ny antsony? ______________________

    ________________________________________

    c. Inona no tiany hataoko? ________________________________

    ________________________________________

d. Raha mamoha ny varavarana aho, inona no antony? ________________

________________________________________

e. Ahoana no fomba hamoahako ny varavarana? (Jereo ao amin'ny Apokalypsy 3:19)________________

________________________________________

f. Novohanao ve ny varavarana? ________________

________________________________________

g. Aiza Jesoa izany izao? ________________

________________________________________

3. Ny antony nahatongavan'i Kristy hitady sy hamonjy antsika dia satria ________ ________________ (Lioka 19: 10).

4. Araka ny hita ao amin'ny Romana 3:23, very isika noho ny inona? ________

________________________________________

5. Araka ny Baiboly, inona no sazy na tambin'ny ota? (Romana 6: 23) ________

________________________________________

6. Iza no nanaiky hisolo izany fahotako izany? (Isaia 53:6; Romana 5:8-9)________

________________________________________

7. Raha nanambara ny fahotako tamin'Andriamanitra aho, inona no nataony? _____ ________________(1 Jaona 1:9).

8. Inona no tokony hataoko rehefa avy nibebaka teo anatrehan'Andriamanitra aho? Isaia 55: 7 dia milaza hoe :"Aoka ny ratsy fanahy hahafoy ny làlany, ary ny tsy marina

hahafoy ny heviny; ary aoka hiverina ho amin'i Jehovah ireny, fa hamindra fo aminy Izy, eny, ho amin'Andriamanitra, fa hamela heloka dia hamela heloka tokoa Izy".
*Tsipiho izay teny milaza ny zavatra tsy maintsy hataonao mikasika ireo otanao.*

9. Araka ny Epistily ho an'ny Efesiana 2:8-9, ny fomba hahazoana ny famonjena dia (mariho izay valiny marina):

   ___________ a. Manao asa soa betsaka

   ___________ b. Miezaka mafy aho mba hanao ny tsara

   ___________ c. Mandray ny famelan'Andriamanitra am-pinoana

10. Rehefa nandray ny famonjena sy tonga olom-baovao ao amin'i Kristy isika, ny fikasan'Andriamanitra ho antsika dia ______________________________ ______________________________________________(Efesianina 2: 10).

11. Iza no fantatsika ao amin'i Jesoa Kristy? (Jaona 14:6, 9). ________________

12. 1 Jaona 5:13 dia milaza fa izay mino ny anaran'ny Zanak' Andriamanitra dia manana fanantenana na mihevitra sa mahafantra fa hahazo ny fiainana mandrakizay (Tsipiho izay marina).

13. Raha maty aho izao hariva izao, ho aiza aho? (2 Korintiana 5:8) ____________ ______________________________________________

14. Fazao amin'ny teny tsotra ny hahatsapanao fa zanak'Andriamanitra ianao: 5. Amin'izao nahaterahako izao indray sy nahatonga ahy ho zanak'Andriamanitra (Jaona

3: 3-7) dia mila sakafom-panahy aho mba hitombo sy hiaina. Inona no tokony ho karazan-tsakafo voalohany? (Matio 4: 4). ______________________

______________________

a. *Vakio isan'andro ny Baiboly.* Manokàna fotoana isan'andro ho amin'izany. Hatomboy amin'ny Filazantsaran'i Jaona, andininy iray isan'andro. Hianaro ny andininy ho tadidiana.
b. *Miresaha ary mivavaha amin'Andriamanitra isan'andro.*
c. *Mamonje vondrom-bavaka* amin'izay misy anao ary indrindra *fiaraha-midera any am-piangonana* izay hitoriana ny Teniny sy hanandratana Azy.
d. Hankatoavy Izy, raha tsy fantatrao na tsara na ratsy ny zavatra ataonao, ataovy ao an-tsaina izao fanontaniana izao:"Inona no hataon'i Jesoa?".
e. *Mijoroa vavolombelona.* Lazao amin'ny hafa izay efa nataon'ny Tompo taminao.

Fantatrao amin'izay izao ny zavatra nahazo anao. Vao fanombohana anefa izany. Ho hitanao ny tohiny.

Tenin'Andriamanitra ho tadidiana.

*"Indro, efa mitsangana eo am-baravarana*
*Aho ka mandòndòna; raha misy mihaino ny feoko*
*ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy*
*Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy Amiko"*
(Apokalypsy 3:20)

②



## MIARA-MANDEHA AMIN'ANDRIAMANITRA

*Soratra Masina ho tadidiana*: 1 Korintiana 10:13

Anarana: ______________________________________________

Ny zaza izay teraka dia mitombo ara-batana, ara-tsaina, anisan'ny vanim-potoana lehibe eo amin'ny fiainany ny fianarany mandeha voalohany.

Mitovy amin"izany koa, eo amin'ny lafiny ara-panahy, ny zanak'Andriamanitra (izay nateraky ny fanahy) dia mianatra mandeha miaraka amin'Andriamanitra mba hitomboana sy hanaovana dingana mandroso hatrany. I Mika mpaminany dia nilaza fa ny zavatra iray tsy maintsy hataon'ny olona dia "manaraka an'Andriamanitra amim-panetren-tena" (Mika 6:8).

1. Rehefa mamaky ny Filazantsaran'i Jaona ianao dia mahamarika andianteny maromaro samihafa izay mitovy dika amin'ny hoe: " miara-mandeha amin'Andriamanitra". Milaza vitsivitsy amin'izany .

   a. Jaona 8:12 ______________________________________________

b. Jaona 1:37 ____________________________________________

c. Jaona 2:5 ____________________________________________

d. Jaona 5:14 ____________________________________________

2. Iza no manakana ny fiarahantsika amin'Andriamanitra? 1 Petera 5:8 __________
____________________________________________

3. Inona no nataon'ny devoly ao amin'i Matio 4:1? ____________________
____________________________________________
____________________________________________

4. Nety nalaina fanahy ve i Jesoa? (Hebreo 4:15) ____________________
Mitovy ve ny fakam-panahy sy ny ota? ____________________
Ny fakam-panahy manao hoe: irinao ve? Tianao ve ?Ny ota manao hoe: tiako izao.

5. Inona no tokony hataontsika rehefa manangoly antsika ny devoly? (Jakoba 4.7)
____________________________________________
____________________________________________
____________________________________________

6. Araka ny hita ao amin'ny 1 Jaona 3:4 sy Jakoba 4:17, inona no atao hoe ota?____
____________________________________________
____________________________________________
____________________________________________

7. Araka ny voalazan'i Isaia 59:2, ny zavatra mahatonga ahy ho tafasaraka
amin'Andriamanitra dia ____________________
____________________________________________

8. Ny kristiana iray ve mety tsy manota noho ny herin'i Kristy? (I Jaona 3:9) _____

_______________________________________________

9. Raha alaim-panahy isika, inona ny teny fampanantenana nataon'Andriamanitra? (1 Korintiana 10:13) _______________________________________________

_______________________________________________

10. Inona no antony nanoratan'i Jaona ny epistiliny voalohany? (I Jaona 2:1) ______

_______________________________________________

_______________________________________________

_______________________________________________

11. Raha latsaka ao amin'ny ota ny kristiana iray, araka ny hita ao amin'ny 1 Jaona 2:1 dia tokony:

__________a) Hilaza fa tsy mahatohitra ny ota izy.

__________b) Hanafina ny ota ary mihevitra fa tsy nanota izy.

__________c) Manantona avy hatrany eo amin'i Jesoa, manambara ny ota ary mbola miara-miaina amin' Andriamanitra.

__________d) Hiala amin'ny finoana ary hilaza fa tsy misy antony ny fiainana kristiana.

12. Raha tena mibebaka, inona no ataon'Andriamanitra? (1 Jaona 1:9)__________

_______________________________________________

13. Araka ny Jaona 14:21, maneho inona ny fitandremana ny didin'iKristy? _______

____________________________________________________________

____________________________________________________________

14. Ao amin'i Jaona 10:27-29,

   a. Iza no mahazo ny fiainana mandrakizay?____________________________

   ____________________________________________________________

   b. Ahoana no mahatonga ahy ho ondrin'i Kristy?________________________

   ____________________________________________________________

**TORO-HEVITRA:**

**MIARA-MANDEHA AMIN'ANDRIAMANITRA DIA MIDIKA FA:**

- mahatohitra ny fakam-panahy ianao.
- mankato tanteraka an'Andriamanitra ianao.
- manaraka an'i Jesoa ianao.

③



## HAMPIANARIN'ANDRIAMANITRA

*Soratra Masina ho tadidiana:* Salamo 119:11

Anarana: ______________________________________________

Andriamanitra manana ny làlana ho an'ny olon-drehetra ary izany dia voatahiry ao anatin'ny boky iray. Mba manao ahoana re no handraisanao izany boky izany ê? Ary raha ny fampanantenana homen'Andriamanitra anao sy ny zavatra andrasany aminao no voasoratra ao anaty boky ka hanananao izany boky izany, fotoana manao ahoana no mba ho laninao hamakiana azy?

1. Inona no hambaran'i Jaona 17:17 momba ny Tenin'Andriamanitra? __________

   ______________________________________________

2. Ahoana ny fomba nanomezana ny Soratra Masina mba hananany izany fahamarinana izany? (2 Timoty 3:16) ______________________________

   ______________________________________________

3. Inona no ataon'ny Tenin'Andriamanitra ho antsika araka ny:

   a. 2 Timoty 3:15 ? ______________________________

b. Jaona 15:3 ? ____________________________________________

c. Asa 20:32 ? ____________________________________________

4. Raha namaky ny filazantsaran'i Jaona ianao, voamarikao ve ireo fampianarana mikasika ny halehiben'ny Tenin'Andriamanitra?

   a. Inona no nataon'i Jesoa tamin'ny Tenin'ny Rainy? (Jaona 8:55) __________

   ____________________________________________

   b. Aiza no toeran'ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny olona sasany ? (Jaona 8:37) ____________________________________________

   ____________________________________________

   ____________________________________________

   c. Raha hisafidy ny hiaraka amin'Andriamanitra ianao, inona no tokony ataonao ny amin'ny Teniny? (Jaona 8:47) ______________________________

   ____________________________________________

   d. Inona no ataon'ny tena mpianatr'i Kristy? (Jaona 8:31) ________________

   ____________________________________________

   e. Inona no tokony ataontsika amin'ny Tenin'andriamanitra mba hamelona ny fiainam-panahy? (Jaona 8:51) ______________________________

   ____________________________________________

5. Raha tia an'i Jesoa aho, inona no tokony hataoko? (Jaona 14:23) ____________

____________________________________________

6. Mitondra ahy ho any amin'iza ny Tenin' Andriamanitra? __________________
mba ahazoako inona? ____________________________________________
____________________________________________(Jaona 20:31)

7. Ny fanahy ratsy dia mitady ny fomba rehetra hanendahana ny famonjena sy ny fiainana kristiana eo amintsika. Andriamanitra anefa manome fiadiana ahafahantsika mandresy izany. Inona io fiadiana io? ________________________________________

________________________________________ (Efesiana 6:17)

8. Ahoana ny fomba nanoheran'i Jesoa ny fakam-panahy nataon'ny devoly Azy? (Matio 4:4, 7, 10) ________________________________________

________________________________________

9. Ho ahy, inona no azoko atao amin'ny Tenin'Andriamanitra mba tsy hanotako araka ny Salamo 119:11? ________________________________________

________________________________________

10. Inona ny Tenin'Andriamanitra izay tena nanampy anao indrindra vao haingana?

________________________________________

________________________________________

11. Inona ary izany no antony hianarana sy handinihana ny Baiboly isan'andro? _____

________________________________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

Manampy ny hanekenao "hampianarin'Andriamanitra" dia mbola manana tombony koa ianao amin'ny maha-kristiana anao. Ho hitanao izany amin'ny lesona manaraka.

*"Ato am-poko no iraketako ny Teninao,*
*Mba tsy hanotako aminao"*
Salamo 119:11

④



## MIRESAKA AMIN'ANDRIAMANITRA

*Soratra Masina ho tadidiana*: Jaona 16:24

Anarana:______________________________________________

Satria isika manana firaisana amin'Andriamanitra mahery ka tsy tokony homena ny fotoana tsara indrindra ve Izy? (Maro amintsika no mihevitra fa mety ho ny maraina izany). Na fotoana inona, amin'ny toerana mitokana dia afaka miantso sy miresaka Aminy aho. Hoy ny mpanao Salamo: "Jehovah ô ! maraina no handrenesanao ny feoko. Maraina no hivavahako Aminao ka hanandrandra aho" Salamo 5:3. Ireto misy toro-lalana momba izany firesahana izany araka ny Baiboly.

1. Araky Jesoa, ilaina ve ny manokana fotoana hivavahana amin'ny Ray? (Marka 1:35)

   ______________________________________________

   ______________________________________________

2. Amin'ny fotoana inona aho no mivavaka? (Lioka 18:1) ____________________

   ______________________________________________

3. Inona no tokony hatao rehefa mivavaka? (1 Tes. 5:17-18) ____________________

   ______________________________________________

4. Inona no antony tena lehibe tsy ahazoana valim-bavaka? (Salamo 66:18) ______

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

5. Inona no tokony hamaritra ny vavaka atao? (1 Jaona 5:14) ______________

______________________________________________________________________

______________________________________________________________________

6. Inona no lesona azonao tao amin'ny filazantsaran'i Jaona momba ny fivavahana?

   a. Inona no tombotsoa azon'ny kristiana? (Jaona 16:24)________________

   ______________________________________________________________

   b. Mamaly vavaka Andriamanitra mba __________________________

   ______________________________________________(Jaona 14:13)

   c. Inona no hangatahin'i Jesoa mba hamaliany ny vavaka atao? (Jaona 15:7) ___

   ______________________________________________________________

   ______________________________________________________________

7. Mba ahazoana valiny, inona no tokony atao rehefa mivavaka? (Matio 21:22)____

______________________________________________________________________

8. Ny tokony ho entiko am-bavaka dia:

   a. Matio 6:11 ________________________________________________

   b. Matio 9:38 ________________________________________________

   c. Filipiana 1:9 ______________________________________________

   d. I Timoty 2:1-2 ____________________________________________

   e. Jakoba 1:5 ________________________________________________

9. Inona no miaro ahy amin'ny fakam-panahy ? (Matio26:41) ________________

______________________________________________________________

10. Ny tena vavaka dia (mariho izay marina):

________________ a. mampiasa ny teny ara-tSoratra Masina

________________ b. mody mivavaka

________________ c. miresaka avy ao am-po

11. Inona izany no drafitra ataonao amin'ny fotoana hiresahanao amin'ny Tompo?

________________________________________

________________________________________

________________________________________

Tsapanao angamba ny tombony sy ny halehiben'izany hoe afaka miresaka amin'Andriamanitra izany . Ny fitiavana sy ny fitahiana nomeny dia mahatonga anao tehamaly fitia Azy koa, sa tsy izany? Mazatoa ary mianatra ny lesona manaraka indray.

*"Mandraka ankehitriny dia tsy mbola nangataka na inona na inona tamin'ny anarako hianareo; mangataha, dia hahazo hianareo, mba ho tanteraka ny fifalianareo"*

(Jaona 16:24)

⑤



**MIZARA AMIN'ANDRIAMANITRA**

*Soratra masina ho tadidiana:* 1 Korintiana 10:31

Anarana ______________________________________________

Raha tena mino zavatra iray aho dia mahatoky izany 100 %. Tompo ô mino Anao aho izao, tsy tahaka ny teo aloha. Noho izany, te-hankasitrahanao sy hanompo Anao aho, eny te-hizara sy hilaza ny momba ahy ary ny fananako Anao. Ny apostoly Paoly dia nilaza hoe: "Koa amin'izany, na mihinana na misotro hianareo na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany " (1 Korintiana 10:31).Na amin'ny zavatra lehibe na amin'ny kely indrindra dia tokony hanontany anakam-po aho hoe: "Manome voninahitra an'Andriamanitra ve izao zavatra ataoko izao ?"

1. Araka ny Matio 22:36-40,
   a. Ahoana no tokony hitiavako an'Andriamanitra? ______________________
   ______________________________________________
   ______________________________________________
   b. Ahoana no tokony hitiavako ny namako? ______________________
   ______________________________________________

2. Ahoana no fomba hanehoako ny fitiavako an'Andriamanitra sy ny hafa? (1 Jaona 5:2-3) ________________________________________

________________________________________

3. Ahoana no fomba hilazan'i Jaona ny fanoloran-tena tanteraka ho an'Andriamanitra? ________________________________________

   a. Mba ahatonga ny voam-bary hamokatra be, inona no tsy maintsy ata? (Jaona 12:24-25) ________________________________________

   ________________________________________

   b. Raha manompo an'i Jesoa Kristy aho fa tsy ny fitiavan-tena, inona no ataon'ny Ray ? (Jaona 12:26) ________________________________________

   ________________________________________

4. Ankehitriny, tahaka ny kristiana, dia manana fiainam-baovao sy fifandraisana vaovao amin'Andriamanitra aho. Raha ao amin'i Kristy aho (miray Aminy) dia lasa ny zavatra taloha ka misolo ________________________________________

   ________________________________________(2 Korintiana 5:17 )

   a. Ny fifandraisako vaovao dia mitarika ahy :

      (1) manome sa mitazona (Lioka 6:38)

      (2) hanana toetra telo araka ny Efesiana 4:28

      _______ (a) tsy mangalatra intsony

      _______ (b) hiasa tsara

      _______ (c) tia tena

      _______ (d) manome ny tsy manana

      _______ (e) mangalatra raha tsy manana

      _______ (f) kamo

b. Ny fifandraisako amin'ny hafa:

(1) Izaho dia tokony ________________________________________

________________________________________(Efesiana 4:32)

(2) Izaho dia tokony ________________________________________

________________________________________(2 Kor 6:14)

c. Fifandraisana amin'ny tena:

(1) Ny tenako dia ________________________________________

________________________________________(1 Kor 6:19)

(2) Izaho dia tokony ________________________________________

________________________________________(Efes 5:16)

5. Tokony ho tia ny ________________________________________(1 Jaona 2:10)

ary tokony hankahala ny________________________________________(1 Jaona 2:15-16)

6. Nahoana no tokony hanome voninahitra an'Andriamanitra isika? (1 Kor 6:20)

________________________________________________________________

7. Raha ataoko ho laharana voalohany ny fikatsahana na ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinana, inona no ho vokatr'izany? (Mat 6: 31-33) ________________

________________________________________________________________

8. Ho valin'ny fitiavan'Andriamanitra ho antsika, zaraintsika tante-raka amin'Andriamanitra ny fiainantsika, iza no ahazo tombony? (Marka 10: 28-30)

________________________________________________

9. Mba ahafahako mizara tanteraka ny fiainako amin'Andriamanitra ny fiainako amin'Andriamanitra, manomboka izao dia ______________________

________________________________________________

Hitondra fifaliana ho antsika ny fizarana ny fiainantsika amin'An-driamanitra, tsy izany ihany anefa fa afaka milaza izany amin'ny hafa koa isika, mijoro ho vavolombelon'i Kristy. Izany fijoroana ho vavolombelona izany no fototry ny lesontsika manaraka.

*"Koa amin'izany, na mihinana na misotro hianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany "* (Kor 10:31)

⑥



## MANAMBARA AN'ANDRIAMANITRA

*Soratra Masina hotadidiana :* Matio 4: 19

Anarana ____________________________________________

Nifanena tamin'ny namanao efa ela be tany aloha tany ianao, tamin'ny nahitanao azy farany dia tsy salama lava izy. Izao anefa izy dia salama tsara, nilaza izy fa nahita mpitsabo izay nahasitrana azy tanteraka saingy tsy mba mety nolazainy ny anaran'ilay mpitsabo na ny adiresiny. Betsaka toy izany koa ireo olona efa nositranin'i Jesoa ara-panahy saingy tsy mba manambara izany fahasitranany izany amin'ny hafa. Mijoro ho vavolombelona: milaza izay nataon'i Kristy taminao na amin'ny lafiny inona na inona.

1. ehefa avy nositranin'i Jesoa ilay lehilahy nisy demonia dia nanome baiko manokana Izy. Inona no hevitra tian'i Jesoa hambara ny momba ny "fijoroana vavolombelona" eto? (Lioka 8:39) ____________________________________________

   ____________________________________________

2. Ny vaovao mahafaly ny Jaona dia mampianatra betsaka momba ny fanambarana (fijoroana vavolombelona).

a. Araka Jaona 3:32, mijoro ho vavolombelona dia:

___________ (1) Izay nampianarina anao ho marina

___________ (2) Izay renao nolazain'ny hafa

___________ (3) Izay hita sy re

b. Inona no nataon'i Andrea araka Jaona 1: 40-41? ____________________

____________________________________________

c. Arak'i Jesoa, inona no asan'Andriamanitra lehibe indrindra? ____________

____________________________________________ (Jaona 6:29)

d. Inona no asa asain'ny Tompo tanterahintsika Jaona 15:16? ____________

____________________________________________

3. Inona ny zava-dehibe izay tsy mbola tonga tao aminao? ____________________

____________________________________________

4. Inona no fahatsarana lehibe azoko aseho amin'ny olona hafa? ____________

____________________________________________

5. Inona ny baikon'ny Tompo araka Matio 28: 18-19 ____________________

____________________________________________

6. Inona no marika voalohany ahafantarana fa nanaiky nandray an'i Kristy ny olona ?
(Asa 8:35-38) ____________________________________________

____________________________________________

7. Inona no miandry an'ireo izay tsy manaiky mandray an'i Jesoa? (Jaona 3:18)____

____________________________________________

8. Raha tena mpanaradia mahatoky an'i Kristy aho dia nampanantena ahy Izy fa ____
_______________________________________________. (Matio 4:19)

9. Araka 1 Pet 3:15, tokony ho vonona aho hanambara an'i Kristy amin'ny _______
_______________________________________________
_______________________________________________

10. Taiza i Paoly no nihaona tamin'olona mba ahafahany manam-bara an'i Kristy? (Asa 17:17; 20:20) _______________________________________________
_______________________________________________

11. Nahoana ny fijoroantsika vavolombelona no miompana amin'i Jesoa? (Jaona 14: 6) _______________________________________________
_______________________________________________

12. Amin'ny maha-vavolombelon'i Jesoa anao, inona ny teny ataonao ho an'izay tsy manana an'i Jesoa?

Rom 6:23 _______________________________________________
_______________________________________________

Rom 3:23 _______________________________________________
_______________________________________________

Jaona 1:12 _______________________________________________
_______________________________________________

13. Raha nisy olona nanaiky an'i Kristy, inona no andraikitra tanantsika aminy? (Asa 14: 21-22)_______________________________________________
_______________________________________________

14. Ny tena fijoroana vavolombelona dia ahitana lafin-javatra? a) Izaho taloha b) Ahoana no nahatonga ahy ho kristiana? c) Midika inona ny anaran'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainako? Soraty ny fijoroanao vavolombelona: ________________

________________________________________

________________________________________

________________________________________

15. Milaza anaran'olona telo izay fantatrao fa mila 2an'i Kristy, mivavaha ho azy ary lazao azy ny nataon'ny Tompo taminao.

a. ________________________________________

b. ________________________________________

c. ________________________________________

Indraindray anefa na dia te-hanambara an'i Jesoa Kristy amin'ny hafa aza ianao dia matahotra. Avy aiza ary ilay hery ahafahanao miteny tsy amin-tahotra, ho hitantsika amin'ny manaraka izany.

*"Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo"*
(Matio 4: 19)



⑦

## FENO NY FANAHIN'ANDRIAMANITRA

*Soratra Masina ho tadidiana:* Efesiana 5:18

Anarana ____________________________________________

Impiry moa ny kristiana no tsy milaza : te-hanao zavatra ho an'ny Tompo aho nefa toa tsy manana hery ahavitana izany. Ny herin' ny Fanahy Masina mitoetra ao anatiny no ahafahany manazava izany hery izany. Hoy Paoly tamin'ireo kristiana tamin'izany fotoana izany "...aoka ho fenoina ny Fanahy" (Efes 5:18).

1. Jesoa dia nandany fotoana betsaka nampianatra ny mpianany momba ny Fanahy Masina ary Jaona dia nampiseho ny sasany izany fampianarana izany.
   a. Arak'i Jesoa, iza no hanome ilay rano velona miboiboika? (Jaona 7:38-39)

   ____________________________________________

   b. Iza no hampianatra antsika? (Jaona 14:26)____________________
   c. Avy aiza ny Fanahin'ny fahamarinana? (Jaona 15:26) ______________

   ____________________________________________

   d. Amin'ny fotoana ahoana eo amin'ny fiainan'ny kristiana no manomboka miasa ao aminy ny Fanahy Masina? (Jaona 3:5) ______________

   ____________________________________________

2. Avy amin'iza ireo mpianatr'i Jesoa no mahazo ilay hery hoentiny mijoro ho vavolombelona? (Asa 1:8) ______________________________

______________________________________________

3. Na dia efa nanaiky an'i Kristy aza i Paoly, dia mbola nila zavatra ihany Inona? (Asa 9:17) ______________________________

______________________________________________

4. Nisebo tao amin'ny fiangonan'i Korinto ny zavatra manakana ny olona tsy ho fenon'ny Fanahy Masina. Ireo Kristiana tao dia mbola manana ireo fahazaran-dratsy: fialonana, fitsiriritana. Izay mampiseho fa izy ireo dia mbola ______________

______________________________ (I Kor 3:1, 3)

5. Inona ny asa manokana tanterahin'ny Fanahy Masina, manala ny olana ao anatintsika ka mahatonga antsika hadio, masina voatokana ho an'Andriamanitra (I Pet 1:2)

______________________________________________

6. Rehefa nomen'Andriamanitra fahafenoan'ny Fanahiny ireo kristiana voalohany, inona no nataon'Andriamanitra tamin'ny fahalotoan'ny fon'izireo? (Asa 15:8-9) _____

______________________________________________

7. Inona no tokony hataontsika amin'ireo fihetsika maloto sy fahotana? (2 Kor 7:1)

______________________________________________

______________________________________________

8. Hatraiza ny fahamasinana tian'Andriamanitra ho an'ny zanany (1 Tes 5:23)

______________________________________________

9. Ny lalan'ny ________________________________ ____ ____no nahafaka ahy tamin'ny lalàn'ny fahotana sy ny fahafatesana (Rom 8:2)

10. Mbola araka ny nofo ny Korintiana araka ny 1 Kor 3:1-3. Misy toetra lehibe mbola tsy hananany eo amin'ny fiainana krisitiana. Izany dia ny ________________________ (1 Kor 13:13)

11. Afaka mandray izany fitiavan'Andriamanitra izany aho amin'ny alalan'ny ___ ________________________ (Rom 5:5)

12. Rehefa avy feno ny Fanahy Masina, inona no hitazonako izany fifandraisana Aminy izany?________________________

________________________

Ny tena fiainana kristiana madio sy feno hery dia izay manana ny fahafenoan'ny Fanahy Masina ary manana fiainana miavaka amin'ny hafa. Tianao ve ny ho feno ny Fanahy Masina? Misy dingana 4 ireto:

a. Mangataka amin'Andriamanitra ny Fanahy Masina amin'ny fahafenoany rehetra. (Lioka 11:13)
b. Manolotra tanteraka an'Andriamanitra ny fiananao. (Rom 12:1-2)
c. Manaiky fa mila fanadiovana na fahadiovana anaty. (Asa 15: 8-9)
d. Mandray ny Fanahy mpanamasina amin'ny finoana. (Asa 15: 8-9; 1 Tes 5: 23-24)

*"Ary aza ho mamon-divay hianareo, fa amin'izany dia misy fanaranam-po amin'ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy"*
(Efesiana 5:18)

⑧



**MIRAY HO AN'ANDRIAMANITRA**

*Soratra Masina ho tadidiana:* Hebreo 10:25

Anarana: ____________________________________________

Tsapanao ve fa taorian'ny nandraisanao an'i Jesoa Kristy, dia vitan'ny hoe nahita Ray any an-danitra ihany ianao fa nahazo fianakaviana vaovao koa? Tonga rahalahinao na rahavavinao ny kristiana rehetra. Izany fianakaviana vaovao izay ifamatoranao izany no antsoina hoe "fiangonana". Asehoy amin'izany fianakaviana ara-panahy izany ny fitiavanao lehibe.

1. Maro ny fomba ilazan'ny Baiboly ny mpianatr'i Kristy. Milazà teny telo ilazana ny mpanara-dia Azy araka ny Asa 11:26

   a. ____________________________________________

   b. ____________________________________________

   c. ____________________________________________

2. Satria nantsoina hiara-miasa isika amin'ny maha-kristiana antsika, ny fiangonana dia mazana antsoina hoe: ______________________________

   ____________________________________________ (1Kor 12: 27)

3. Iza no lehiben'ny fiangonana? (Efes 5:23)________________________

________________________________________________

4. Inona no nataon'i Kristy mba hampisehoany ny maha-zava-dehibe ny fiangonana? (Efes 5:25) ________________________

________________________________________________

5. Inona no fifandraisana tokony hananako amin'i Jesoa Kristy mba hahatonga ahy ho isan'ny fiangonana? (Efes 5:24) ________________________

________________________________________________

6. Taiza i Paoly no nampianatra ny momba an'i Kristy? (1 Kor 4:17)___________

________________________________________________

7. Inona ireo lesona nomen'ny filazantsaran'i Jaona anao momba ny fiangonana?

   a. Ahoana no ahalalan'ny olona fa anisan'ny mpianatr'i Kristy aho? (Jaona 13: 35)________________________

   ________________________________________________

   b. Inona no andraikitry ny Mpitandrina amin'ny fiangonana? (Jaona 21:16) ___

   ________________________________________________

8. Ahoana no tokony ho fifampitondrako amin'ny mpiara-manompo ao amin'ny fiangonana? (Galatiana 6:2) ________________________

________________________________________________

9. Rehefa manome ny fanomezana manokana amin'ny olona ny Fanahy Masina, inona

no tanjony? (1Kor 12:4, 7)________________________________________

____________________________________________________________________

10. Misy fiangonana vanona sy feno fitiavana, misy koa anefa ny matory. Iza amin'ireo fiangonana ireo no tianao handehanana? (Mariho ny safidinao)

________________________________a. Fiangonan'i Jerosalema (Asa 4:32-33)

________________________________b. Fiangonan'i Laodikia (Apok 3:14-17)

11. Inona no notanan'ireo kristiana voalohany tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakiana ny mofo ary ny fivavahana? (Asa 2:42) _______

____________________________________________________________________

12. Inona no tokony hotandremako raha te hankasitrahan'ny Tompo aho? (Hebreo 10:25) __________________________________________________

____________________________________________________________________

____________________________________________________________________

Noho ny finoanao dia tafaray amin'i Jesoa Kristy ianao ary tafaray amin'ireo tena kristiana koa. Ankehitriny, dia tokony ho isan'ny fiangonana koa ianao. Zava-dehibe izany firahalahiana izany, mila miray araka izay azo atao ny kristiana. Noho ny fanampian'ny fiangonanao sy ny Mpitandrina dia hitombo hatrany ao amin'i Kristy ianao. Miarahaba anao izahay nahavita hatramin'ny farany ireo lesona ireo. Hahita andro tsara kokoa hatrany ianao arakaraky ny hanohizanao ny fiarahana amin'Andriamanitra.

*"Aza mahafoy ny fiarahantsika miangona,*
*tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa,*
*mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro"*
Hebreo 10:25

Anaran'ny mpianatra:______________________________

Fonenany:______________________________

______________________________ Tel:______________

## FIRAKETANA HO AN'NY MPIANATRA

| Lesona faha | Naverina ny | Fanamarihana |
|---|---|---|
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |
| | | |

## TORO-LALANA

1. Omena lesona 1 ilay vao nanolo-tena (2 andro ny elanelan'ny lesona roa voalohany ary isan-kerinandro ny ambiny)
2. Amin'ny fotoana hanazavana ny lesona voalohany dia omena koa ny valopy ivelany hametrahany ny lesona vita hatrany hatrany
3. Mandritra ny fanomezana lesona vaovao, miaraha miadi-hevitra tamin'ny lesona teo aloha.
4. Asaivo hetezan'ny mpianatra ny andinin-tSoratra Masina ho tadidiana.

**N.B** Tsy zaraina na homena miaraka ny lesona rehetra . Mavesatra loatra izany ho an'izay vao nanolo-tena. Ny famerenana izany isan-kerinandro dia ahafahana mifandray tsy tapaka amin'ilay kristiana vao zaza.